Adventist Children's Ministries



# 10
# ANDROM-BAVAKA
# HO AN'NY ANKIZY

## MIVERINA AMIN'NY ALITARA

# Andro 1

## Aiza moa ianao?

"Ary Jehovah Andriamanitra dia niantso an-dralehilahy ka nanao taminy hoe: Aiza moa ianao? » - Genesisy 3:9

**Tanjona Fototra**:

Te-hihaona amintsika indray Andriamanitra

**Hevi-dehibe**

Rehefa namorona an'i Adama sy Eva Andriamanitra, dia nanokana fotoana niarahana sy nifandraisana isan'andro izy ireo. Nampitandrina azy ireo Andriamanitra mba tsy hihinana ny voan'ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy. Nifidy ny hihaino an'ilay menarana anefa izy ireo. Tsy nankatò an'Andriamanitra i Adama sy Eva ary natahotra ny hihaona taminy. Fantany fa nanao ratsy izy ireo ka niafina an'Andriamanitra. Fa Andriamanitra tia azy ireo, niantso azy ka nanontany hoe: "Aiza moa ianareo?" Fantany ny toerana nisy azy ireo saingy nomeny fahafahana haneho ny tenany izy. Nivoaka avy tao amin'ny fiafenany izy ireo, dia namela ny helony Andriamanitra ka nanarona ny fitanjahany Izy.

**Fotoam-bavaka**

*Mivavaka mba hanana fo mifandray indray*

Ry Andriamanitra Rainay any an-danitra ô, misaotra Anao noho ny fitiavanao ahy na dia efa nanao ratsy aza aho. Misaotra Anao fa tsy mandao ahy Ianao. Nampanantena Ianao fa hamela ahy raha miaiky ny fahotako aho. Misaotra Anao manome ahy fo vaovao hitia anao bebe kokoa ary faniriana hiaraka aminao isan'andro. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena

**Soso-kevitra momba ny vavaka**

- Fiderana & Fisaorana : Misaotra noho ireo fitahiana manokana ary midera an' Andriamanitra noho ny fahatsarany

- Fiaiken-keloka : Miaiky ny fahadisoanao ary mangataka famelan-keloka amin'Andriamanitra

- Tari-dàlana

  - Mangataka amin'Andriamanitra mba hihazona antsika akaiky Azy mba hampivelarana fifandraisana tsy tapaka Aminy.

  - Mangataka Aminy mba hanana fifandraisana feno famelan-keloka sy fitiavana ary fiahiana amin'ny fianakaviana, ny namana, ny mpiara-belona ary ny mambran'ny fiangonana.

  - Vavaka ho an'ny Fiangonana : mba hahatonga ny mpitarika ny fiangonana maneran-tany sy ny mambran'ny fiangonantsika mba ho tafaray hatrany ary hanohana tanteraka ny asa nanirahan'Andriamanitra mba ho maro ny olona ho voatahy amin'ny famonjena.

  - Vavaka ho an'ny filàna ara-panahin'ny olona rehetra ao fianakaviantsika, ny namana, ny mambran'ny fiangonantsika ary ny mpifanolo-bodirindrina amintsika. Mivavaka mba hamaritra antsika ny fitiavan'Andriamanitra ary mba hampanakaiky antsika hatrany Aminy sy amintsika tsirairay avy. Mivavaka mba hitombo isan'andro ny fitiavantsika an'Andriamanitra sy ny fanoloran-tenantsika ho Azy ary ny fifankatiavantsika.

**<u>Manao Hira Fiderana</u>**

# Andro faha-2

## Fanamasinana sy Fahatsiarovana

“Dia nanorina alitara teo Abrahama ho an’i Jehovah Izay niseho taminy” Genesisy 12:7

**Tanjona fototra**:

Tian’Andriamanitra mba hahatsiaro isika

**Hevitra fototra**

Ny alitara dia naneho mandrakariva ny toerana fitokanana sy fahatsiarovana. Izy ireny dia mariky ny fifandraisana manokana amin'Andriamanitra. Nampanantena an’i Abrahama Andriamanitra fa ho rain’ny zanaka maro izy ary homeny ho an’ny taranany ny tany Kanana. Mba hanomezam-boninahitra sy hanompoana an’ Andriamanitra dia nanorina alitara i Abrahama. Izany teny fikasana sy fanompoam-pivavahana izany dia nampitaina tamin'Isaka zanak’i Abrahama ary koa tamin’i Jakoba zafikeliny. Tamin’ny alalan’ny ohatra nomen’izy ireo, ny Isiraelita dia nanorina alitara mba hanomezam-boninahitra sy hanompoana an’Andriamanitra.

Ampahatsiahivina koa isika hivavaka sy hiresaka amin’Andriamanitra isan’andro.

**Fotoam-bavaka**

*Toerana ho fahatsiarovana*

Andriamanitra Rainay any an-danitra ô, misaotra Anao aho noho izay rehetra nataonao ho ahy. Te-hanome voninahitra sy fiderana ary fankalazana Anao aho. Ampio aho hahatsiaro ny fitiavanao sy ny fahatsaranao ary, amin’izao sisa izao, hidera Anao isan'andro. Amin’ny Anaran'i Jesosy no anaovako ny vavaka , Amena

**Soso-kevitra momba ny vavaka**

- Fiderana sy fisaorana : Misaotra noho ny fitahiana manokana ary midera an'Andriamanitra noho ny fahatsarany.

- Fiaiken-keloka : Miaiky ny fahadisoana ary mangataka famelan-keloka amin'Andriamanitra

- Tari-dàlana

  - Mangataka amin'Andriamanitra mba hanana fanetren-tena, fahaizana mankasitraka ary fahavononana hankatò ny didiny.

  - Vavaka ho an'ny Fiangonana : mba hahatonga ny mpitarika ny fiangonana maneran-tany sy ny mambran'ny fiangonantsika mba ho tafaray hatrany ary hanohana tanteraka ny asa nanirahan'Andriamanitra mba ho maro ny olona ho voatahy amin'ny famonjena.

  - Vavaka ho an'ny ankizy sy ny olon-dehibe mba hanome voninahitra an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fiainany araka an'Andriamanitra sy ny fanompoana Azy tsy misy fitiavan-tena. Mivavaka noho ny fahafahana hanompo amin'ny maha-ankizy.

**Manao Hira Fiderana**

# Andro faha-3

## Maraina sy hariva

“Ary ny hitsangana isa-maraina hisaotra sy hidera an’i Jehovah, ary toy izany koa amin’ny hariva” 1 Tantara 23: 30

**Tanjona fototra**:

Tian’Andriamanitra isika hanomboka sy hamarana ny tontolo andro miaraka Aminy

**Hevitra fototra**

Teny an-dalana ho any amin’ny Tany Nampanantenaina ny Israelita dia nirenireny tany an’efitra. Nanome toromarika azy ireo Andriamanitra mba hifandray Aminy amin’ny alalan’ny vavaka maraina sy hariva isan'andro. Nila ny fiarovan’ Andriamanitra sy herim-po ary hery ho an'ny dia sarotra natrehiny izy ireo. Tokony hivavaka izy ireo ary hanatitra fanatitra eo ambonin'ny alitara maraina sy hariva. Fotoana fisaorana sy fibebahana izany. Izany koa dia fotoana manokana nihainoan’ izy ireo ny feon’Andriamanitra ary nandraisany ny fitahiany.

Toy izany koa isika ankehitriny. Andriamanitra dia te-hanana izany fotoana manokana izany miaraka amintsika koa.

**Fotoam-bavaka**

*Ny fizotry ny fiainana*

Ry Andriamanitra Rainay any an-danitra ô, misaotra Anao mampahatsiahy ahy fa afaka miresaka Aminao amin’ny fotoana rehetra aho. Fantatro fa tia ahy tokoa Ianao ary te-hiresaka amiko. Aza avela ho variana amin'ny zavatra mampanalavitra ahy Aminao aho. Mila ny fanampianao aho mba hamolavola ny fahazarana hanomboka sy hamarana ny tontolo andro miaraka Aminao. Enga anie ny sofiko hisokatra hihaino ny feonao ary ny foko ho vonona hanaraka Anao. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena

**Soso-kevitra momba ny vavaka**

- Fiderana sy fisaorana : Misaotra noho ny fitahiana manokana ary midera an'Andriamanitra noho ny fahatsarany.

- Fiaiken-keloka : Miaiky ny fahadisoana ary mangataka famelan-keloka amin'Andriamanitra

- Tari-dàlana

  - Mangataka fahendrena amin'Andriamanitra mba hanaovana safidy tsara sy hanaovana ho laharam-pahamehana ny zavatra manan-danja eo amin'ny fiainana.

  - Vavaka ho an'ny Fiangonana : mba hahatonga ny mpitarika ny fiangonana maneran-tany sy ny mambran'ny fiangonantsika mba ho tafaray hatrany ary hanohana tanteraka ny asa nanirahan'Andriamanitra mba ho maro ny olona ho voatahy amin'ny famonjena.

  - Vavaka mba hahazoan'ny ankizy rehetra fahendrena mba hanana fiainana misy tanjona sy mahasoa ho an'Andriamanitra ary hanao ny fanompoam-pivavahana ho zavatra ilaina mba hiainana amin'ny maha-zanak'Andriamanitra mahatoky. Mivavaka mba hahazoana hery handresena ny faniriana tsy te hanokana fotoana hiarahana Aminy sy hivavahana Aminy isan'andro.

**Manao Hira Fiderana**

# Andro faha-4

## Ny Mampiverina an'Andriamanitra

“Dia nanatona azy ny olona rehetra. Ary Elia namboatra ny alitaran’i Jehovah izay efa rava”
1 Mpanjaka 18:30

**Tanjona fototra**:

Tian’Andriamanitra hiverina Aminy isika

**Hevitra fototra**

I Ahaba mpanjaka ratsy fanahy sy Jezebela vadiny no nitondra ny Israely. Noho ny fitaoman-dratsiny, dia maro tamin’ny vahoakan’Andriamanitra no nanadino an’ Andriamanitra sy nanao an-tsirambina ny fivavahana. Niantso an’i Elia mpaminany Andriamanitra mba hanorina indray ireo alitara rava. Rehefa nanorina indray ireo alitara i Elia, dia nasehony tamin’ny olona fa mila manarina ny fifandraisany amin’ Andriamanitra izy ireo ary hiverina Aminy. Nampahatsiahy ny olona i Elia mba hiverina hanompo an’Andriamanitra marina.

**Fotoam-bavaka**

*Aoreno indray ny alitara dia hiverina indray Izy!*

Andriamanitra Rainay any an-danitra ô, misaotra Anao noho ny fitiavanao ahy na dia manao ratsy aza aho. Tsy mandao ahy velively Ianao ary miantso ahy hiverina Aminao. Omeo fo vaovao sy faniriana te-hanana fotoana irery miaraka Aminao aho. Ampio aho hanapa-kevitra ny hivavaka Aminao isan'andro. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena

**Soso-kevitra momba ny vavaka**

- Fiderana sy fisaorana : Misaotra noho ireo fitahiana manokana ary midera an'Andriamanitra noho ny fahatsarany.

- Fiaiken-keloka : Miaiky ny fahadisoana ary mangataka famelan-keloka amin’Andriamanitra

- Tari-dalana :

  - Mangataka fahendrena amin’Andriamanitra sy ny bitsiky ny Fanahy Masina ho amin’ny faniriana hianatra ny teniny, hiaina amin’ny maha-Kristianina mahatoky, ary hifantoka amin’ny teny fikasan’Andriamanitra.

  - Vavaka ho an'ny Fiangonana : mivavaka ho an'ny fitarihan'ny Fanahy Masina ny fiangonana maneran-tany sy ny mambran'ny fiangonana rehetra mba ho tafaray hatrany sy hanohana tanteraka ny iraka nampanaovin'Andriamanitra mba ho maro ny olona ho voatahy amin'ny famonjena.

  - Mivavaka mba hahazo herim-po sy hery hanoherana ny fakam-panahy ary mba hazoto hamaky sy hianatra ny Baiboly. Mivavaka mba hitodika tanteraka Aminy ny fontsika.

**<u>Manao Hira Fiderana</u>**

# Andro faha-5

## Jesosy, Ilay Mpifoha maraina

“Fa avy ny andro, sady tonga ankehitriny, raha ny tena mpivavaka hivavaka amin'ny Ray amin’ny fanahy sy ny fahamarinana ; fa ny Ray koa mitady ny mpivavaka Aminy ho tahaka izany ” Jaona 4:23



**Tanjona fototra**:

Tian’Andriamanitra ny hanaovantsika Azy ho loha-laharana isan’andro

**Hevitra fototra**

Fony i Jesosy teto an-tany, dia nifoha vao maraina alohan’ny fiposahan’ny masoandro. Nandeha tany amin’ny toerana mangina sy mitokana Izy mba hiresaka sy hihaino ny Rainy any an-danitra. Indray andro, taorian'ny tontolo andro iray feno asa fanompoana ny olona, dia tsy nahita Azy ny mpianany. Nitady Azy hatraiza hatraiza izy ireo ary rehefa nahita Azy tamin’ny farany, dia nanontany Azy hoe taiza Izy nandritra izany fotoana izany. Nampahatsiahiviny azy ireo fa tonga teto an-tany Izy mba hitory ny filazantsara sy hitondra famonjena ho an’ny olona. Nivavaka Izy mba hahazo fitarihana sy hery ary herim-po avy amin’ny Rainy any an-danitra mba hanatanterahany ny asa nanirahana Azy isan’andro.

**Fotoam-bavaka**

*Vao maraina no hitadiavako Anao*

Andriamanitra ô, Rainay any an-danitra ô, mamelà ahy noho nanaovako an-tsirambina ny fiarahana taminao. Misaotra anao noho ny faharetanao. Tombontsoa sy voninahitra ho ahy ny manomboka ny andro tsirairay miaraka Aminao. Ampio aho hanaraka ny ohatr'i Jesosy momba ny fotoana mangina miaraka Aminao mba hahafahako mihaino ny fitarihanao. Miangavy Anao aho mba hitarika sy hitantana ahy mba hifanaraka mandrakariva amin'ny fikasanao momba ahy. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena

**Soso-kevitra momba ny vavaka**

- Fiderana sy fisaorana : Misaotra noho ny fitahiana manokana ary midera an'Andriamanitra noho ny fahatsarany.

- Fiaiken-keloka : Miaiky ny fahadisoana ary mangataka famelan-keloka amin'Andriamanitra

- Tari-dalana :

  - Mangataka amin'Andriamanitra mba hanana tsy fiovaovana hiaina araka ny tenin'Andriamanitra sy hivavaka Aminy isan'andro.

  - Vavaka ho an'ny Fiangonana : mivavaka ho an'ny fitarihan'ny Fanahy Masina ny fiangonana maneran-tany sy ny mambran'ny fiangonana rehetra mba ho tafaray hatrany sy hanohana tanteraka ny iraka nampanaovin'Andriamanitra mba ho maro ny olona ho voatahy amin'ny famonjena.

  - Vavaka mba hahazo ny fahendrena ilaina mba hianarana sy handalinana ny tenin'Andriamanitra amin'ny maha-mpikatsaka ny fahamarinana. Mivavaka mba hahazo ny fitarihan'Andriamanitra sy ny fitaomam-panahy avy Aminy ary hanehoany ny fahazavana.

**Manao Hira Fiderana**

# Andro 6

## Ilay Mpitolona am-bavaka mandritra ny alina

“Ary tamin’izany andro izany dia lasa nankany an-tendrombohitra Jesosy hivavaka, ary naharitra nivavaka tamin’Andriamanitra nandritra ny alina Izy” Lioka 6:12

**Tanjona fototra**:

Tian’Andriamanitra mba hamarana ny andro miaraka Aminy isika

**Hevitra fototra**

Jesosy dia fantatra fa nandany ny alina nivavaka. Tamin’ny fotoana iray, dia niari-tory nandritra ny alina Izy mba hivavaka alohan’ny nifidianany ireo lehilahy 12 ho mpianany. Tsy mora ny nifidy olona izay hanohy ny asa rehefa hiverina any an-danitra Izy. Rehefa avy nifidy ny mpianany Izy, dia nivavaka ho azy ireo. Nivavaka ho an’ireo sahirana koa izy. Fantatrao ve fa nivavaka ho an’ny tenany koa i Jesosy? Nangataka fahendrena sy hery tamin’Andriamanitra Izy. Ny vavaka no loharanon’ny heriny handresena ny fakam-panahy sy ny fanamby izay efa niandry Azy.

**Fotoam-bavaka**

*Mamarana ny tontolo andro miaraka amin'Andriamanitra*

Andriamanitra Rainay any an-danitra ô, mampianaro anay hivavaka sy hanao ny fotoam-bavaka ho laharam-pahamehana. Rehefa tapitra ny tontolo andro dia te-hisaotra Anao aho ny amin'ny zavatra rehetra nataonao tamiko. Tsy ho afaka namakivaky izany tontolo andro izany aho raha tsy teo Ianao. Misaotra noho ny fiarovanao sy ny fitarihanao. Ampio aho hanao safidy tsara satria tsinontsinona aho raha tsy eo Ianao. Fantatro fa mitady ny tsara indrindra ho ahy Ianao, ary afaka miantehitra Aminao mandrakariva aho. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena

**Soso-kevitra momba ny vavaka**

- Fiderana sy fisaorana : Misaotra noho ny fitahiana manokana ary midera an'Andriamanitra noho ny fahatsarany.

- Fiaiken-keloka : Miaiky ny fahadisoana ary mangataka famelan-keloka amin'Andriamanitra

- Tari-dalana :

  - Mangataha amin'Andriamanitra ny finoana marina sy ny fahatokiana tanteraka ny teniny ary hikatsaka ny tavany isan'andro.

  - Vavaka ho an'ny Fiangonana : Mivavaka ho an'ny mpitarika ny fiangonana maneran-tany sy ny mambran'ny fiangonantsika mba ho tafaray sy hanohana tanteraka ny asa nanirahan'Andriamanitra.

  - Vavaka ho an'ny fahatakarana lalindalina ny Baiboly, ny hevitra ara-panahy, ary ny herim-po sy ny fahaizana mandika azy ireny ary manao azy ireny ho azo ampiharina eo amin'ny fiainana. Mivavaka mba hilefitra amin'ny sitrapon'Andriamanitra ny sitrapontsika.

**<u>Manao Hira Fiderana</u>**

# Andro faha-7

## Fiangonana Mivavaka

“Avia, ka aoka hiondrika sy hiankohoka isika; aoka isika handohalika eo anatrehan’i Jehovah, Mpanao antsika”  Salamo 95:6.

**<u>Tanjona fototra:</u>**

Tian’Andriamanitra ny hanaovantsika Fotoam-pivavahana manokana sy an’ny Fianakaviana

**<u>Hevitra fototra</u>**

Tamin’ny andron’ny Baiboly, ny Isiraelita dia nanangana alitara mba hanompoana an’Andriamanitra, mba hanomezana voninahitra sy hiderana Azy. Tokony hivavaka mandrakariva ho an’ny tenany sy ny zanany ny ray sy ny reny. Nandidy ny raim-pianakaviana Andriamanitra mba ho mpisorona ao an-tokantrano izay itarihany ny fotoam-pivavahan’ny fianakaviana, isaky ny maraina sy hariva. Ny vondrona fianakaviana, izay ahitana ny ray, ny reny ary ny zanany, dia tokony hivory tsy tapaka mba hiara-mvavaka. Andriamanitra dia mitoetra ao amin’ny tokantrano izay ivorian’ny fianakaviana isan’andro hivavaka sy hihira fiderana ho Azy. Maniraka ny anjeliny Izy ho any amin’ny tokantrano misy hira fiderana sy vavaka.

**<u>Fotoam-bavaka</u>**

*Izay ilaintsika maika indrindra*

Andriamanitra, Rainay any an-danitra ô, mamelà ny heloko noho ny tsy fanajako Anao sy ny tsy fanomezany Anao ny toerana voalohany ato am-poko. Midera sy mitsaoka Anao aho fa Ianao no Andriamanitro, Mpamorona izao rehetra izao ary Mpanjaka Mahery. Misaotra Anao nanome ahy fianakaviana be fitiavana. Ampio izahay mba hahatonga Anao ho ivon’ny tokantranonay. Omeo anay ny faniriana hivondrona hidera sy hanome voninahitra Anao isan’andro ary hovana hanana ny endrik’i Jesosy. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena

**<u>Soso-kevitra momba ny vavaka</u>**

- Fiderana sy fisaorana : Misaotra noho ny fitahiana manokana ary midera an'Andriamanitra noho ny fahatsarany.

- Fiaiken-keloka : Miaiky ny fahadisoana ary mangataka famelan-keloka amin'Andriamanitra

- Tari-dàlana ;

  - Mangataka amin'Andriamanitra ny filàna ara-panahy sy ara-nofo ho an'ireo izay miasa mikarakara ankizy sy manampy azy ireo hitombo ao amin'i Kristy.

  - Vavaka ho an'ny Fiangonana : Mivavaka ho an'ny mpitarika ny fiangonana maneran-tany sy ny mambran'ny fiangonana rehetra mba ho tafaray sy hanohana tanteraka ny asa nanirahan'Andriamanitra mba hahazoan'ny olona maro ny famonjena.

  - Vavaka ho an'ny fahasalamana ara-pihetseham-po, ara-batana ary ara-panahy ho an'ny ray aman-dreny rehetra, ny mpiahy ara-panahy, ny mpitarika ny ankizy ary ny pasitora. Mivavaka mba hitoeran'ny Fanahy Masina ao amin'izy ireoisan'andro.

**<u>Manao Hira Fiderana</u>**

# Andro faha-8

## Fivavahana sy ny hafatry ny anjely telo

“Matahora an’Andriamanitra, ka omeo voninahitra Izy, fa tonga ny andro fitsarany; ary miankohofa eo anoloan'Izay nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny loharano" (Apokalypsy 14:7).

**Tanjona fototra:**

Tian’Andriamanitra isika mba hiambina sy ho vonona

**Hevitra fototra**

Ao amin’ny bokin’ny Apokalypsy, i Jaona dia nanoratra momba ny fiavian’i Jesosy. Nisy anjely telo nanidina nitondra hafatra lehibe ho an’ny olona. Ny anjely voalohany dia mampahatsiahy antsika hivavaka amin’Andriamanitra fa ho avy tsy ho ela Izy, ny anjely faharoa dia nilaa mialoha ny amin’ny fahalavoan’ny famitahan’i Satana, ary ny anjely fahatelo dia mampitandrina antsika mba hiala amin’ny fahavalo. Ny fiangonantsika dia manambara ny hafatry ny andro farany amin'ny alalan'ny anjely telo, satria tian’Andriamanitra raha ny olona rehetra hibebaka sy hiankohoka eo anatrehany dieny mbola tsy diso aoriana. Ny faniriany lehibe indrindra dia ny hahavoavonjy ny olona rehetra ka ho tafaray Aminy any an-danitra.

**Fotoam-bavaka**

*Fiainam-pivavahana sy ny hafatry ny andro farany*

Rainay malala any an-danitra, Andriamanitra Mpamorona Mahery, tonga aho manetry tena eto anatrehanao. Ianao no Andriamanitra mendrika ny fiderana sy ny fiankohofako. Fenoy ny Fanahinao Masina aho mba ho tahaka Anao. Te ho vonona aho rehefa ho avy Jesosy. Te-hitoetra eo akaikinao isan'andro aho. Ataovy ho mahatoky aho ary hanana fahasahiana hilaza amin'ny hafa ny momba Anao. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena

**Soso-kevitra momba ny vavaka**

- Fiderana sy fisaorana : Misaotra noho ny fitahiana manokana ary midera an'Andriamanitra noho ny fahatsarany.

- Fiaiken-keloka : Miaiky ny fahadisoana ary mangataka famelan-keloka amin'Andriamanitra

- Tari-dalana :

  - Mangataka amin'Andriamanitra ny fitarihany ho amin'ny fanomanana ny vatana sy ny saina ary ny fanahy mba ho vonona amin'ny fahatongavan'i Jesosy.

  - Vavaka ho an'ny Fiangonana : Mivavaha ho an'ny mpitarika ny fiangonana maneran-tany sy ny mambran'ny fiangonantsika mba ho tafaray sy hanohana tanteraka ny asa nanirahan'Andriamanitra mba hahazoan'ny olona maro ny famonjena.

  - Vavaka mba hahatonga ny fontsika sy ny saintsika ho fonenan'ny Fanahy Masina mba hahafahantsika ho vonona amin'ny fiverenan'i Jesosy.

**Manao Hira Fiderana**

# Andro faha-9

## Aza very hevitra

"Tandremo ny fonao mihoatra noho ny zavatra rehetra, fa avy ao aminy no ihavian'ny aina ." Ohabolana 4:23

**Tanjona fototra:**

Tian'Andriamanitra mba hadio foana ny fontsika sy ny saintsika

**Hevitra fototra**

Betsaka ny zava-dratsy mitranga manodidina antsika ary mahita olona ratsy fanahy izay manao ratsy isika. Mitranga izany rehefa tsy manana an' Andriamanitra ao ampony izy ireo. Avelany hameno ny sainy ny eritreritra ratsy ka manao zavatra mifanohitra amin'ny didin'Andriamanitra izy ireo. Ny saintsika no mifehy ny tenintsika sy ny ataontsika. Rehefa mameno ny saintsika isika amin'ny eritreritra tsara sy ny fifantohana amin'Andriamanitra isika dia mamela an'Andriamanitra hiditra ao anatin'ny fontsika. Ny fanokanana fotoana amin'ny fiderana, vavaka ary famakiana ny Baibolintsika ary ny fizarana ny fitiavany amin'ny hafa dia mahatonga antsika ho akaiky Azy. Amin'ny alalan'ny fomba fiainana feno fitiavana, dia afaka mahita ny fitiavan'Andriamanitra ao anatintsika ny olona.

**Fotoam-bavaka**

*Mitazona ny saina ny fivavahana sy fiankohofana*

Rainay any an-danitra, Mpanjakan'izao rehetra izao. Mamelà ahy noho ny ananako eritreritra ratsy. Ampio aho manomboka anio mba hamela Anao ho ao an-tsaiko sy ao am-poko. Tiako ny hiainanao ato am-poko mba ho tsy manan-danja ny zavatra hafa rehetra. Esory izay mety ho zavatra mahavariana ahy tsy ho tafaraka Aminao. Ampio aho hanao safidy tsara ary ataovy madio ny foko. Arovy sy ambeno amin'ny ratsy aho. Amin'ny anaran'i Jesosy, Amena

**Soso-kevitra momba ny vavaka**

- Fiderana sy fisaorana : Misaotra noho ny fitahiana manokana ary midera an'Andriamanitra noho ny fahatsarany.

- Torolalana : Mangataka amin'Andriamanitra mba hanadiovan'ny Fanahy Masina ny eritreritsika sy ny saintsika ary ny asantsika.

- Vavaka ho an'ny Fiangonana : Mivavaka ho an'ny mpitarika ny fiangonana maneran-tany sy ny mambran'ny fiangonantsika mba ho tafaray sy hanohana tanteraka ny asa nanirahan'Andriamanitra mba hahazoan'ny olona maro ny famonjena.

- Vavaka mba hidiran 'Andriamanitra sy ny Fanahiny Masina an-tsehatra ao amin'ny fomba fisainantsika mba hahafahantsika ho madio amin'ny eritreritra sy ny asa ary hiaina ny fiainantsika mendrika amin'ny maha-zanany antsika. Mivavaka mba hananantsika fifandraisana izay manatanjaka antsika.

**Manao Hira Fiderana**

# Andro faha-10

## Handeha aho!

“Iza no hirahiko, ary iza no handeha ho irakay? Dia hoy izaho: Inty aho! Iraho aho” Isaia 6:8

**Tanjona fototra**:

Miantso ahy Andriamanitra hizara ny Fitiavany amin’ny hafa

**Hevitra fototra**

Naneho tamin’i Isaia mpaminany fahitana momba ny tenany manokana teo amin’ny seza fiandrianany Andriamanitra. Sary kanto sy be voninahitra ilay izy, kanefa ny mpaminany Isaia dia nahatsapa fa tsy mendrika ny ho eo anatrehan’Andriamanitra. Naneho io fahitana io anefa Andriamanitra mba hiantsoana an’i Isaia hampiely ny hafatry ny fitiavana sy ny fampitandremana amin’ny fotoana iray ihany. Mendrika ny fiankohofantsika sy ny fivavahantsika Andriamanitra ary tiany ny hiaraka amintsika mandrakizay any an-danitra. Tsy maintsy zaraina amin'ny hafa ity hafatra ity dieny mbola tsy diso aoriana loatra. Miantso antsika tsirairay ho irany Andriamanitra. Fa mialoha izany dia tsy maintsy miverina Aminy amin’ny fiankohofana sy ny vavaka isika. Rehefa manao izany isika dia mahazo hery handeha. Tsy maintsy mandeha ankehitriny izao isika fa ho avy tsy ho ela Izy.

**Fotoam-bavaka**

*Nomena fahefana hamita ny asa*

Rainay malala any an-danitra, Andriamanitra Mpamorona Mahery, misaotra Anao miantso ahy hanompo Anao sy hizara ity hafatra lehibe ity. Na dia mbola kely aza aho dia afaka manao ny anjarako. Miangavy aho , mamelà ny fahadisoako sy ny tsy fanarahako ny antsonao. Ny fitiavanao dia tsy ho ahy irery fa ho an'ny rehetra. Irinao ho tonga any an-danitra hiaraka Aminao izahay rehetra. Omeo herim-po sy fahendrena aho mba ho irakao amin'ny fizarana ny fitiavanao. Amin’ny anaran’i Jesosy, Amena

**Soso-kevitra momba ny vavaka**

- Fiderana sy fisaorana : Misaotrana noho ny fitahiana manokana ary midera an'Andriamanitra noho ny fahatsarany.

- Fiaiken-keloka : Miaiky ny fahadisoana ary mangataka famelan-keloka amin'Andriamanitra

- Torolalana : Mangataka fahendrena amin'Andriamanitra mba hitarika antsika mandrakariva amin'ny làlany, herim-po amin'ny maha-mpianany, fo voatokana ho amin'ny fanompoana ambony kokoa, ary finiavana hanaraka ny diany.

- Vavaka ho an'ny Fiangonana : Mivavaka ho an'ny mpitarika ny fiangonana maneran-tany sy ny mambran'ny fiangonantsika mba ho tafaray sy hanohana tanteraka ny asa nanirahan'Andriamanitra.

- Mangataka mba ho tsapan'ny rehetra ny fitiavana, ny fiadanana ary ny firindrana. Mivavaka mba hisian'ny fiadanana ao am-po sy ny famerenana amin'ny laoniny ny fanahy ho an'ny ankizy rehetra amin'ny dingana rehetra eo amin'ny fiainany sy ny fiarahany mandeha amin'Andriamanitra. Mivavaka mba hamaritra antsika ho vavolombelon'Andriamanitra sy mpianany mahatoky ny fitiavana.

**<u>Manao Hira Fiderana</u>**